



ANTENIMIERAMPIRENENA



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA

Fitsavana - Tanindrazana - Fandrosoana

REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA
FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA
TAONA 2020

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-91

- FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MIKASIKA NY TOLO-PEHIN-KEVITRA LAHARANA FAHA-002-2020/PR "PORTANT CODE D'ÉTHIQUE ET DE DÉONTOLOGIE DE L'ASSEMBLÉE NATIONALE" NATOLOTRY NY SOLOMBAVAMBAHOAKA ANDRIANAMBININA Djohary Lee, VOAFIDY TAO VONDROZO.

- TATITRY NY ASA VITAN'NY VAOMIERAN'NY FANOMBANANA NY POLITIKAM-PANJAKANA.

Fivoriana faha-5
Natao ny
Alakamisy 5 Novambra 2020
- Maraina -

FIVORIAMBE

FILOHA: Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

MPITANTSORATRA: - Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina
- Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle

FOTOANA: Alakamisy 5 Novambra 2020, tamin'ny 11 ora sy 10 minitra, maraina.

FANDAHARAM-POTOANA:

- fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Tolo-pehin-kevitra laharana faha-002-2020/PR "portant Code d'éthique et de déontologie de l'Assemblée Nationale" natolotry ny Solombavambahoaka ANDRIANAMBININA Djohary Lee, voafidy tao Vondrozo.
- tatitry ny asa vitan'ny Vaomieran'ny Fanombanana ny Politikam-panjakana.

Nitohy ny Alakamisy 5 Novambra 2020, tamin'ny 11 ora sy 15 minitra, maraina, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filoha no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Ramatoa Filoha dia niangavy ny Mpitantsoratra hanao ny fiantsoana anarana.

Nanatontosa izany, Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina.

Nisaotra an-dRamatoa Mpitantsoratra tamin'ny fanatanterahana izany, Ramatoa Filoha, taorian'izay ary nampahatsiahy ny fandaharam-potoana androany Alakamisy 5 Novambra 2020.

Rehefa izany, nomeny avy hatrany ny Mpampakatenin'ny Vaomieran'ny Lalàna ny fitenenana hamakiany ny tatitra momba ny Tolo-pehin-kevitra laharana faha-002-2020/PR "portant Code d'éthique et de déontologie de l'Assemblée nationale", natolotry ny Solombavambahoaka ANDRIANAMBININA Djohary Lee, voafidy tao Vondrozo.

Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore no nanatanteraka izany, ka toy izao ny fivakiny:

Nivory ny Talata 3 Novambra 2020 tamin'ny 10 ora 20 minitra, maraina, ny Vaomieran'ny Lalàna, ny Vaomieran'ny Asam-panjakana, ny Asa ary ny Lalàna Sosialy ary Vaomieran'ny Fanombanana ny Politikam-panjakana nandinika ny Tolo-pehin-kevitra laharana faha-002-2020/PR «portant Code d'éthique et de déontologie de l'Assemblée nationale», natolotry ny Solombavambahoaka ANDRIANAMBININA Djohary Lee, voafidy tao Vondrozo.

Ramatoa RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa nislotena an'Andriamatoa Filohan'ny Vaomieran'ny Lalàna no nitarika ny fivorianana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka ao amin'ny Vaomieran'ny Lalàna tonga niatrika ny fivoriana:

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

1. RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa
2. JOHASY RAHARISOA Eléonore
3. RAKOTOMALALA Miarintsoa

Ireto avy ireo Solombavambahoaka ao amin'ny Vaomieran'ny Asam-panjakana, ny Asa ary ny Lalàna Sosialy tonga nanatrika ny fivoriana.

Andriamatoa isany:

1. ANDRIAMANALINARIVO Raymond Michel Jocelyn
2. RAVELOSON Guillaume Narinandrasana

Ny Solombavambahoaka ao amin'ny Vaomieran'ny Fanombanana ny Politikam-panjakana:

-Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore

Ny Solombavambahoaka tsy mpikambana tonga niatrika ny fivoriana kosa:

-Andriamatoa ANDRIANAMBININA Djohary Lee

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Ramatoa RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa dia nomeny avy hatrany an'Andriamatoa ANDRIANAMBININA Djohary Lee ny fitenenana ka tamin'izany no namakiany ny antonanton'ny Tolo-pehin-kevitra.

Izao Tolo-pehin-kevitra izao dia natao indrindra mba hoentina hanamafy ny fahatokisan'ny vahoaka ny Solombavambahoaka. Ny Etika sy Deontolojia raiketiny dia miompana betsaka ihany koa amin'ny soatoavina Malagasy sy ireo fenitra iraisam-pirenena momba izany. Tsara ny manamarika fa tsy entina haneriterena ny asan'ny Solombavambahoaka izy ity fa entina hanandratana azy ireo ho modely eo amin'ny fiaraha-monina.

Noho ny tsy fisian'ny fanontaniana sy fanamarihana dia niroso avy hatrany tamin'ny fandinihana ny Tolo-pehin-kevitra ny mpivory.

Famelabelarana ny antonantony: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

LOHATENY VOALOHANY

Andininy voalohany ka hatramin'ny andininy faha-2: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

LOHATENY FAHA- II

Andininy faha-3 ka hatramin'ny andininy faha-6: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

LOHATENY FAHA- III**Toko Voalohany:**

Andininy faha-7 sy ny andininy faha-8: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Toko faha-2: lany nasiam-panovàna (jereo tovana).

Andininy faha-9: lany nasiam-panovàna (jereo tovana)

Toko faha-3:

Andininy faha-10: lany nasiam-panovàna (jereo tovana)

Andininy faha-11: lany nasiam-panovàna (jereo tovana)

Andininy faha-12: lany nasiam-panovàna (jereo tovana)

Andininy faha-13: lany nasiam-panovàna (jereo tovana)

Toko faha-4:

Andininy faha-14: lany nasiam-panovàna (jereo tovana)

Andininy faha-15: lany nasiam-panovàna (jereo tovana)

Andininy faha-16: lany nasiam-panovàna (jereo tovana)

Andininy faha-17: lany nasiam-panovàna (jereo tovana)

Andininy faha-18: lany nasiam-panovàna (jereo tovana)

LOHATENY FAHA- IV**Toko voalohany:****Sokajy voalohany:**

Andininy faha-19: lany nasiam-panovàna (jereo tovana)

Andininy faha-20: lany nasiam-panovàna (jereo tovana)

Andininy faha-21: lany nasiam-panovàna (jereo tovana)

Andininy faha-22: lany nasiam-panovàna (jereo tovana)

Andininy faha-23: lany nasiam-panovàna (jereo tovana)

Andininy faha-24: lany nasiam-panovàna (jereo tovana)

Andininy faha-25: lany nasiam-panovàna (jereo tovana)

Andininy faha-26: lany nasiam-panovàna (jereo tovana)

Andininy faha-27: lany nasiam-panovàna (jereo tovana)

Andininy faha-28: lany nasiam-panovàna (jereo tovana)

Andininy faha-29: lany nasiam-panovàna (jereo tovana)

Andininy faha-30: lany nasiam-panovàna (jereo tovana)

Andininy faha-31: lany nasiam-panovàna (jereo tovana)

Andininy faha-32: lany nasiam-panovàna (jereo tovana)

Andininy faha-33: lany nasiam-panovàna (jereo tovana)

Andininy faha-34: lany nasiam-panovàna (jereo tovana)

Andininy faha-35: lany nasiam-panovàna (jereo tovana)

Andininy faha-36: lany nasiam-panovàna (jereo tovana)

Sokajy faha-2:

Andininy faha-37 sy ny andininy faha-38: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Toko faha-2:

Andininy faha 39: lany nasiam-panovàna (jereo tovana)

Andininy faha 40: lany nasiam-panovàna (jereo tovana)

Andininy faha 41 ka hatramin'ny andininy faha-44: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Toko faha-3:

Andininy faha 45: lany nasiam-panovàna (jereo tovana)

Andininy faha 46: lany nasiam-panovàna (jereo tovana)

Andininy faha 47 ka hatramin'ny andininy faha-50: lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa izay dia niroso tamin'ny fandaniana ny Tolo-pehin-kevitra ny mpivory.

Noho ny tsy fahatratrarana ny fehitr'isa dia naato 30 minitra ny fivoriana ho fanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Arak'izany, nolanian'ny Vaomieran'ny Lalàna tamin'ny endriny nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna ny Tolo-pehin-kevitra laharana faha-02-2020/PR ary hoentina eo anivon'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 11 ora 50 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory Ramatoa Filoha.

TOVANA

VERSION ORIGINALE	VERSION AMENDEE
<u>Titre III</u> <u>Chapitre 2</u> <u>Art. 9- Le Député doit déclarer,.....</u> <u>Les activités de son époux (se) ainsi que celles de ses enfants, de ses collaborateurs ainsi que ses assistants font également l'objet de déclaration.</u>	SUPPRIME
<u>Article 10:</u> La déclaration d'activités prévue dans le présent Chapitre est accessible au public conformément au disposition de l'article 21 de l'Ordonnance n°2014-001 du 18 avril 2014 portant Loi organique fixant les règles relatives au fonctionnement de l'Assemblée nationale, <u>modifier</u> par la loi organique n°2014-034 du 09 février 2015.	Article 9: La déclaration d'activités prévue dans le présent Chapitre est accessible au public conformément au disposition de l'article 21 de l'Ordonnance n°2014-001 du 18 avril 2014 portant Loi organique fixant les règles relatives au fonctionnement de l'Assemblée nationale, modifiée par la loi organique n°2014-034 du 09 février 2015.
Chapitre 2: <u>Déclaration d'activités</u>	Chapitre 2: Déclaration d'activités et conflit d'intérêts
Chapitre 3: <u>Conflit d'intérêts</u>	SUPPRIME
<u>Article 11:</u>	Article 10
<u>Article 12:</u>	Article 11
<u>Article 13:</u>	Article 12

<p><u>Chapitre 4</u>: Rémunérations, dons et avantages indus <u>Article 14</u>:</p>	<p>Chapitre 3: Rémunérations, dons et avantages indus Article 13</p>
<p><u>Article 15</u>: Un Député doit refuser ou, sans délai et après avoir demandé l'avis du Commissariat à l'éthique et à la déontologie, remettre au Commissariat tout don, toute marque d'hospitalité ou tout autre avantage, quel que soit sa valeur, qui peut influencer son indépendance de jugement dans l'exercice de ses fonctions ou qui risque de compromettre son intégrité ou celle de l'Assemblée nationale. En cas de refus d'un tel avantage, il en informe par écrit le Commissariat.</p> <p>La disposition de l'alinéa précédent ne s'applique pas aux dons, marques d'hospitalité ou autres avantages reçus par un Député dans le contexte d'une relation purement privée.</p> <p>Le Commissariat remet les biens qu'il reçoit au Secrétaire Général de l'Assemblée nationale. Celui-ci en dispose de la manière appropriée, notamment leur transcription au niveau du Service en charge de la comptabilité des matières.</p>	<p>Article 14: Un Député doit refuser ou, sans délai et après avoir demandé l'avis du Commissariat à l'éthique et à la déontologie, remettre au Commissariat tout don, toute marque d'hospitalité ou tout autre avantage, quel que soit sa valeur, qui peut influencer son indépendance de jugement dans l'exercice de ses fonctions ou qui risque de compromettre son intégrité ou celle de l'Assemblée nationale. En cas de refus d'un tel avantage, il en informe par écrit le Commissariat.</p> <p>La disposition de l'alinéa précédent ne s'applique pas aux dons, marques d'hospitalité ou autres avantages reçus par un Député dans le contexte d'une relation purement privée.</p> <p>Le Commissariat remet les biens qu'il reçoit au Secrétaire Général de l'Assemblée nationale. Celui-ci en dispose de la manière appropriée, notamment leur transcription au niveau du Service en charge de la comptabilité des matières de l'Assemblée Nationale.</p>
<p><u>Article 16</u>: Le Député doit déclarer au Commissariat à l'éthique et à la déontologie tout don ou avantage d'une valeur supérieure ou égale à <u>Ar 1 000 000</u> dont il a bénéficié en lien avec son mandat.</p>	<p>Article 15: Le Député doit déclarer au Commissariat à l'éthique et à la déontologie tout don ou avantage d'une valeur supérieure ou égale à Ar 200 000 000 dont il a bénéficié en lien avec son mandat.</p>
<p><u>Article 17</u> :</p>	<p>Article 16</p>
<p><u>Article 18</u> :</p>	<p>Article 17 :</p>
<p><u>TITRE IV</u> <u>Chapitre premier</u> : <u>Section premier</u> : <u>Article 19</u></p>	<p>TITRE IV Chapitre premier : Section premier : Article 18</p>
<p><u>Article 20</u> :</p>	<p>Article 19 :</p>

<p>Art 22: Le comité à l'éthique et à la déontologie est composé :</p> <ul style="list-style-type: none"> - De deux (02) députés par Groupe Parlementaire existant au sein de l'Assemblée nationale siégeant d'une manière <u>permanent</u> pour la durée de la législature ; - Du Président de l'Assemblée nationale, remplacé le cas échéant par un membre du Bureau Permanent qu'elle aura désigné ; <p><u>Le Groupe Parlementaire auquel appartient le député concerné ne sera représentée que par un député ;</u> En cas de vote, le Président de l'Assemblée nationale ou son remplaçant a voix prépondérante.</p>	<p>Art 21: Le comité à l'éthique et à la déontologie est composé :</p> <ul style="list-style-type: none"> - De deux (02) députés par Groupe Parlementaire existant au sein de l'Assemblée nationale siégeant d'une manière <u>permanent</u> pour la durée de la législature ; - Du Président de l'Assemblée nationale, remplacé le cas échéant par un membre du Bureau Permanent qu'elle aura désigné ; <p>SUPPRIME</p> <p>En cas de vote, le Président de l'Assemblée nationale ou son remplaçant a voix prépondérante.</p>
<u>Article 23</u>	Article 22
<u>Article 24</u>	Article 23
<u>Article 25</u>	Article 24
<u>Article 26</u>	Article 25
<u>Article 27</u>	Article 26
<p>Article 28: Pour la modalité de recrutement du Secrétariat à l'éthique et à la déontologie, il est procédé à un appel à la candidature interne parmi <u>les personnels</u> de l'Assemblée nationale selon les critères d'intégrité, d'éthique, de compétence et d'expérience.</p> <p>A l'issue du recrutement, la nomination du secrétaire à l'éthique et à la déontologie se fait par arrêté pris par le Président de l'Assemblée Nationale.</p>	<p>Article 27: Pour la modalité de recrutement du Secrétariat à l'éthique et à la déontologie, il est procédé à un appel à la candidature interne parmi le personnel de l'Assemblée nationale selon les critères d'intégrité, d'éthique, de compétence et d'expérience.</p> <p>A l'issue du recrutement, la nomination du secrétaire à l'éthique et à la déontologie se fait par arrêté pris par le Président de l'Assemblée Nationale.</p>
<p>Article 29: Pour pourvoir au poste d'assistant au Secrétaire à l'éthique et à la déontologie, il est procédé à un appel à candidature interne parmi <u>les personnels</u> de l'Assemblée nationale selon les critères d'intégrité, d'éthique, de compétence et d'expérience. .</p> <p>A l'issue du recrutement, la nomination d'assistant du secrétaire à l'éthique et à la déontologie se fait par décision du Secrétaire Général de l'Assemblée Nationale.</p>	<p>Article 28: Pour pourvoir au poste d'assistant au Secrétaire à l'éthique et à la déontologie, il est procédé à un appel à candidature interne parmi le personnel de l'Assemblée nationale selon les critères d'intégrité, d'éthique, de compétence et d'expérience. .</p> <p>A l'issue du recrutement, la nomination d'assistant du secrétaire à l'éthique et à la déontologie se fait par décision du Secrétaire Général de l'Assemblée Nationale.</p>

<p>Article 30: Le Secrétaire à l'éthique et à la déontologie a pour mission :</p> <ul style="list-style-type: none"> -de recevoir les doléances ; -de les transmettre au Comité ; -de procéder aux investigations selon les directives du Comité ; -de conseiller et accompagner <u>les député</u> notamment en donnant des avis, en produisant des lignes directrices et en organisant des activités de formation ; -d'informer le public sur les règles d'éthique et <u>de déontologie</u> et leur signification en lien avec la <u>charge des député</u> ; -d'informer le public sur les modalités de saisine du Comité à l'éthique et déontologie et le fonctionnement du Secrétaire à l'éthique et à la déontologie 	<p>Article 29: Le Secrétaire à l'éthique et à la déontologie a pour mission :</p> <ul style="list-style-type: none"> -de recevoir les doléances ; -de les transmettre au Comité ; -de procéder aux investigations selon les directives du Comité ; -de conseiller et accompagner les députés notamment en donnant des avis, en produisant des lignes directrices et en organisant des activités de formation ; -d'informer le public sur les règles d'éthique et à la déontologie et leur signification en lien avec la charge des députés ; -d'informer le public sur les modalités de saisine du Comité à l'éthique et déontologie et le fonctionnement du Secrétaire à l'éthique et à la déontologie
<p>Article 31</p>	<p>Article 30</p>
<p>Article 32</p>	<p>Article 31</p>
<p>Article 33: Dans tout cas d'abrogation, son remplacement se fait suivant les <u>modalités</u> prévus à l'article 28.</p>	<p>Article 32 : Dans tout cas d'abrogation, son remplacement se fait suivant les modalités prévus à l'article 28.</p>
<p>Article 34</p>	<p>Article 33</p>
<p>Article 35: Le Comité à l'éthique et à la déontologie peut mettre fin <u>au fonction</u> du Secrétaire à l'éthique et à la déontologie par une décision de révocation prise par la majorité.</p>	<p>Article 34 : le Comité à l'éthique et à la déontologie peut mettre fin aux fonctions du Secrétaire à l'éthique et à la déontologie par une décision de révocation prise par la majorité</p>
	<p>Art 35 (nouveau) : Les assistants ont pour fonctions d'apporter les appuis sur le plan opérationnel et administratif.</p>
<p>Article 36 : Les crédits du commissariat à l'éthique et à la déontologie sont inscrits dans le crédit accordé par la loi <u>de finance</u> à l'Assemblée Nationale.</p>	<p>Article 36 : Les crédits du commissariat à l'éthique et à la déontologie sont inscrits dans le crédit accordé par la loi des finances à l'Assemblée Nationale.</p>
<p>Section 2</p> <p>Article 39 La doléance est déposée par tout citoyen auprès <u>du Secrétaire</u> à l'éthique et à la déontologie.</p> <p>Un député peut faire l'objet d'un enquête en cas de manquement au disposition du présent code.</p> <p>Le Secrétaire à l'éthique et à la déontologie transmet cette doléance au Comité de</p>	<p>Section 2</p> <p>Article 39 La doléance est déposée par tout citoyen auprès du commissaire à l'éthique et à la déontologie.</p> <p>Un député peut faire l'objet d'un enquête en cas de manquement au disposition du présent code.</p> <p>Le Secrétaire à l'éthique et à la déontologie transmet cette doléance au Comité de</p>

l'éthique et de déontologie.	l'éthique et de déontologie.
<p><u>Article 40</u> : Le Comité à l'éthique et à la déontologie statue sur la suite a donné à la doléance.</p> <p>A la réception de la doléance, le Comité à l'éthique et à la déontologie peut décider :</p> <ul style="list-style-type: none"> - De ne pas poursuivre - D'ordonner au Secrétaire à l'éthique et la déontologie de procéder à une enquête <p>En cas d'une décision d'enquête, le député mise en cause reçoit une copie de la doléance dont il fait l'objet. Et prépare sa défense.</p> <p>Dans tout les cas, le doléant est informé de la décision du Comité à l'éthique et de déontologie.</p>	<p>Article 40 : Le Comité à l'éthique et à la déontologie statue sur la suite a donné à la doléance, pendant une session ordinaire.</p> <p>A la réception de la doléance, le Comité à l'éthique et à la déontologie peut décider :</p> <ul style="list-style-type: none"> - De ne pas poursuivre - D'ordonner au Secrétaire à l'éthique et la déontologie de procéder à une enquête <p>En cas d'une décision d'enquête, le député mise en cause reçoit une copie de la doléance dont il fait l'objet. Et prépare sa défense.</p> <p>Dans tout les cas, le doléant est informé de la décision du Comité à l'éthique et de la déontologie.</p>
<p><u>Article 45</u>: Sur demande écrite d'un Député, le Comité à l'éthique et à la déontologie lui donne un avis écrit et motivé, assorti de recommandations qu'il juge indiquées, sur toutes questions concernant les obligations du Député au terme du présent Code.</p> <p>Cet avis est donné dans les vingt jours qui suivent la demande du Député à moins que celui-ci et les membres du Comité à l'éthique et de déontologie ne conviennent d'un autre délai.</p> <p>L'avis du Comité à l'éthique et de déontologie est confidentiel et ne peut être rendu public que par le Député ou avec son consentement écrit.</p> <p>Avant de se <u>prononcé</u>, le Comité à l'éthique et de déontologie peut ordonner une enquête.</p>	<p>Article 45: Sur demande écrite d'un Député, le Comité à l'éthique et à la déontologie lui donne un avis écrit et motivé, assorti de recommandations qu'il juge indiquées, sur toutes questions concernant les obligations du Député au terme du présent Code.</p> <p>Cet avis est donné dans les vingt jours qui suivent la demande du Député à moins que celui-ci et les membres du Comité à l'éthique et de déontologie ne conviennent d'un autre délai.</p> <p>L'avis du Comité à l'éthique et de la déontologie est confidentiel et ne peut être rendu public que par le Député ou avec son consentement écrit.</p> <p>Avant de se prononcer, le Comité à l'éthique et de la déontologie peut ordonner une enquête.</p>
<p><u>Article 46</u>: Le Comité à l'éthique et de déontologie peut publier des lignes directrices pour guider les Députés dans l'application du présent Code.</p>	<p>Article 46: Le Comité à l'éthique et de la déontologie peut publier des lignes directrices pour guider les Députés dans l'application du présent Code.</p>

Rehefa avy nisaotra ny Mpampakateny tamin'ny tatitra nataony, Ramatoa Filoha dia nanambara fa hiroso amin'ny fanitsiana na fanamarihana mikasika izany ny mpivory.

Tamin'ny fandraisam-pitenenana nataon-dRamatoa RASOAZANERA Marie Monique, ao amin'ny pejy mialohan'ny farany, "section 2"; tokony hatao «pluriel» ny "au disposition". Izany hoe lasa: "aux dispositions".

Andriamatoa RAVELSON Guillaume Narinandrasana kosa nilaza, fa mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Asa sy ny Lalàna Sosialy izy no sady mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Fanombanana ny Politikam-panjakana. Noho izany, tokony ho hita amin'ireo Vaomiera ireo daholo ny anarany.

Nambarany koa fa Narinandrasana no fanampian'arany, fa tsy Narindrasana.

Rehefa nomena fitenenana, Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina, nambarany fa ao amin'ny andininy faha-21, tokony hoe: «d'une manière permanente», fa tsy "d'une manière permanent". Torak'izay koa ao amin'ny "section 2", "d'une enquête" no izy raha toa «d'un enquête» no voasoratra.

Andininy faha-40, «à donner» no izy fa tsy "a donné".

Rehefa tsy nisy nanan-kambara mikasika ny tatitra intsony ny Solombavambahoaka, nomen-dRamatoa Filoha ny mpanolotra ny Tolo-pehin-kevitra ny fitenenana.

Nambaran'Andriamatoa ANDRIANAMBININA Djohary Lee, fa hanatsarana ny endriky ny Antenimierampirenena no antony nitondrana azy ity indray amin'izao fotoana izao. Voalazan'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena koa ny tokony hananana izany. Natao hifanaraka amin'ny zavatra iainan'ny Solombavambahoaka ny zava-boarakitra ao anatin'ny, fa tsy sanatria misy faneriterena.

Tamin'ny taona 2018 no nitondrana azy teto amin'ny Antenimierampirenena, nisy ny fanovàna sy fanitsiana ny andininy sasantsasany. Natao ihany koa mba hifanaraka amin'ny soatoavina Malagasy izy ity. Tsy misy fandrika na zavatra mety hanahirana ny Solombavambahoaka ao anatin'ny; koa mahazo matoky isika, fa fanatsarana ny fomba iainantsika no ao anatin'ity «code d'éthique et de déontologie de l'Assemblée nationale» ity.

Marihana fa tokony ho tamin'ny "mandat"-n'ny Solombavambahoaka teo aloha no nandinihana azy saingy tsy tontosa izany, ka ny tenako indray no nanolotra azy.

Taorian'izay, nambaran-dRamatoa Filoha, fa hiditra amin'ny adihevitra ankapobeny ny mpivory, ka nomeny fitenenana ny Solombavambahoaka.

Fisaorana ny mpanolotra ny Tolo-pehin-kevitra no nataon-dRamatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore voalohany.

Nambarany koa fa mifanaraka amin'ny fenitra iraisam-pirenena izy ity ary natao mba hamerenana ny hasin'ny Antenimierampirenena araka ny voalazan-dRamatoa Filoha tamin'ny nahalany azy, indrindra amin'izao «législature» misy izao. Tsy fananarana ny Solombavambahoaka no antony, fa fampahafantarana ny zavatra tokony hataon'ny Solombavambahoaka.

Nanentana ny Solombavambahoaka ny tenany mba handany azy, izay no namaranany ny teniny.

Marina fa ilaina ny “code d’éthique et de déontologie”, hoy Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson; satria natao mba hifehy ny Solombavambahoaka izany kanefa sadaikatra manoloana azy. Ny antony, toa tsy mahalala ny tokony hatao ve isika.

Raha ny tatitra teo, toa tsy mampino raha hisy olona hanolotra fanomezana mitentina 200 000 000 Ariary ho an’ny Solombavambahoaka izany. Noho izay antony izay, misy zavatra azo itazonana ny Solombavambahoaka ao ambadik’ity Tolo-pehin-kevitra ity, ka aleo mitandrana.

Namaly Andriamatoa ANDRIANAMBININA Djohary Lee, fa manana “code d’éthique et de déontologie” avokoa ny Parlemanta maneran-tany saingy tsy voatery hitovy amin’ny any ivelany ny antsika.

Mikasika ny vola voalaza ao amin’ny “proposition de résolution”, mitentina 1 000 000 Ariary izany teo aloha. Mety hisy anefa olona hanome omby maromaro antsika na fanomezana hafa. Raha dinihana, efa mihoatra an’io mari-bola io ny toman’izany. Izay no nahatonga ny vaomiera nampiakatra azy ho 200 000 000 Ariary sady anaovana fanambarana aorian’ny fanomezana.

Rehefa nomena fitenenana Ramatoa RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa, nanamarika fa tokony hazavain’ny Solombavambahoaka tompon’ny Tolo-pehin-kevitra ny zavatra noresahana tany amin’ny vaomiera. Tsapa fa ny “Primature” no hanara-maso antsika raha toa heveriny fa misy tsy ara-dalàna momba io vola fanomezana io. Famerenana ny hasin’ny Antenimierampirenena no kendrena, ka aleo isika samy isika no mifanara-maso amin’ny zavatra atao, fa tsy ny olona avy any ivelany.

Momba ny fanomezana, novaina ho 200 000 000 Ariary izany raha 1 000 000 Ariary teo aloha; ny antony dia ho fiarovana ny Solombavambahoaka mba tsy hisian’ny teritery na antsojay mety hahazo.

Ramatoa RAFENOMANANTSOA Tsirimaharo Ny Aina kosa nanamarika, ao amin’ny “Titre III, Chapitre 2, article 9”, fa raha foanana ny “alinéa 1” dia tsy hisy “declaration” hatao intsony.

Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle indray nangataka fanazavana amin’ny antsihiriany mikasika ny “article 11” satria tsy mazava ny tiana ambara amin’io andininy io. Raha “interprétation stricte” no atao, tena tsy afaka manendry olona ao amin’ny fianakaviana mba ho mpiara-miasa.

Namaly, Ramatoa Filoha, fa efa nofafana tanteraka io andininy faha-11 io ka tsy tokony hisy hampiahiahy ny Solombavambahoaka ny mikasika izay.

Mikasika ny fanamarihana nataon’ny Mpampakateny Jeneraly Lefitra, nambaran-dRamatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore, fa tokony hovaina ny fanoratana io andininy faha-9 io.

Raha ny marina, ny zavatra voalaza eto dia manome tombotsoa ho an'ny fianakaviana fa tsy misy fanakanana azy ireo hiara-hiasa amin'ny Solombavambahoaka akory. Tsy "abusive" izay raha dinihana tsara.

Namaly Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle, fa raha ny eto amintsika, hatreto mbola tsy misy famatsiam-bola natokana hanaovana politika izany. Samy nanana ny fomba narahany tamin'ny nahalany ny Solombavambahoaka tsirairay. Ny ahiahy, sao hivadika "népotisme" sy "paternalisme" ity "code" ity any amin'ny farany. Noho izany, tokony hitandrina ny rehetra manoloana izay. Aleo mandanjalanja vao mandray fanapahan-kevitra amin-javatra iray.

Nanamarika kosa Ramatoa RAZAFIMANANTSOA Lobo Hanitra, fa efa misy lalàna hafa mifanohitra amin'ity "code" ity mandehandeha any, ka aleo mitandrina sao hamatotra ny Solombavambahoaka ny fahalany.

Momba ny fanoratana ny andininy faha-9, faha-10, faha-11 ary faha-12 dia atambatra ao amin'ny resaka "conflit d'intérêts" avokoa, hoy Andriamatoa RAVELOSON Guillaume Narinandrasana raha nomena fitenenana.

Raha nandray fitenenana Andriamatoa ANDRIANAMBININA Djohary Lee, nanamarika fa misy fahamarinana ny tenin'Andriamatoa Filoha Lefitra avy ao Fianarantsoa. Nasiana tsindrim-peo mihitsy io resaka "d'une manière abusive" io tany amin'ny asam-baomiera. Azo atao ny manendry mpiara-miasa ao amin'ny fianakaviana, fa raha ny "assistants" rehetra kosa, izay angamba no heverina ho "abusive".

Nanamarika Andriamatoa RAHOLDINA Naivo Herinantsoina, fa matoa lany ho Solombavambahoaka dia manana ny "éthique" sy ny "déontologie" avokoa. Izany hoe, politika no nahalany ny Solombavambahoaka.

Nohamafisiny fa amin'ny fanaovana politika, tsy maintsy misy olona mpamadika foana. Mba hialana amin'izany, hoy izy, ny vadiny no nataony "2^{ème} liste"; izy ihany koa no mpanolotsaiko sy mamatsy vola ahy satria mpandraharaha ny tenany. Tamin'izaho niditra hopitaly, natahotra sao ho faty ka hiakatra ny "2^{ème} liste". Mety ho faly izy raha izany no nitranga satria hiakatra handimby ahy izy. Hialana amin'izany no nanendreko ny vadiko.

Marina koa ny tenin-dRamatoa RAZAFIMANANTSOA Lobo Hanitra teo satria raha jerena, toy ny sabatra roa lela ity ka aleo dinihana tsara hoe: inona no tokony hataontsika. Aza matoky olona raha hanao politika, ny vady ihany no itokiso, fa tsy hamadika anao izy.

Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle indray no nitarika ny fivoriana teto ary nitohy hatrany ny fanomezana fitenenana ny Solombavambahoaka.

Tsy nazava tamin'ny antsipiriany ity "proposition de résolution" ity tany amin'ny asam-baomiera, ka aleo dinihana amin'ny manaraka, hoy Andriamatoa NASIRA Julien, rehefa nomena fitenenana.

Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona kosa nanamarika, fa misy antony matoa natao ity zavatra ity; koa manainga ny rehetra mba hamaky tsara izay voalaza ao anatiny, indrindra ao amin'ny "exposé des motifs". Raha ny marina, tokony hisy teny Malagasy amin'izay mazava ny tiana hotenenina.

Ny nahatonga ny nanaovana azy, efa misy "dispositions" amin'ny lalàna hafa milaza ny fihetsika tokony hataontsika. Ohatra amin'izany ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena. Io no mifehy antsika manampy izany, ity "résolution" ity. Aorian'izay, mbola halefa any amin'ny HCC koa raha lany eto. Tsy tokony hampisy ahiahy ny momba azy raha amin'ny resaka "conflit d'intérêts". Izany hoe, tsy misy zavatra sarotra fa aza manao "abus" fotsiny isika. Eo anatrehan'izay rehetra izay, aleo dinihana lalindalina kokoa amin'izay masaka tsara ny adihevitra.

Niverina nitarika fivoriana indray, Ramatoa Filoha, teto. Nitohy hatrany ny fanomezam-pitenenana ny Solombavambahoaka.

Raha nomena fitenenana, Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore, nanambara fa marina ny voalazan-dRamatoa Filoha teo. Manana Raiamandreny tokoa ny Solombavambahoaka manana azy satria nazava ny nolazainy. Noho izany, manamafy amin'ny tokony hamakiana izay voalazan'ny rijan-teny satria mbola tsy nolaliana izy ity fa fandinihana no atao.

Efa intelo ny fivoriana notarihako momba ity "proposition de résolution", hoy izy, ka tao anatin'izay no nilazana fa mila fifampitokisana rehefa manao politika. Aiza no ahitana izay fifampitokisana izay; ao amin'ny fianakaviana ihany.

Tokony ho isika ihany no handany ny toman'io fanomezana io, fa tsy olona avy any ivelany. Izany hoe, aleo ajanona ho 200 000 000 Ariary hatrany. Raha ny fanomezana no jerena, afaka manao izany ny rehetra sady isika Solombavambahoaka ihany no mahalala ny endriky ny fampandrosoana tokony hatao any amintsika, ao anatin'izany ny fanampian'ny fianakaviana.

Amin'ny resaka hisian'ny teny Malagasy, efa natao izany saingy mbola tsy tonga any amintsika olom-boafidy. Hozaraina izany amin'ny manaraka amin'izay samy manana sady hazava amintsika rehetra ihany ny tiana holazaina.

Taorian'izay, nanamarika Ramatoa Filoha, fa efa ahitana izany any anaty "tablette", ka aoka samy hijery an'izany ny Solombavambahoaka.

Rehefa izany, nomena fitenenana Andriamatoa ANDRIANAMBININA Djohary Lee, mba hitondra fanazavana mikasika ny tantaran'ity "proposition de résolution" ity. Nambarany fa tamin'ny fandinihana azy tao amin'ny asam-baomiera tany amboalohany, ny mpikambana avy tamin'ny Mpanatanteraka no maro an'isa tamin'izany; tao koa ny sampana hafa toy ny BIANCO, SAMIFIN, CSI sns...

Nitambaran'ny Antenimierampirenena sy ny Antenimierandoholona ity "code" ity tamin'izany. Tao anatin'izay, ny "Primature" no "commissaire à l'éthique"; izany anefa no tsy mety satria olona avy any ivelany indray no hanara-maso ny Antenimierampirenena. Izay no antony nanovàna hoe: ny Solombavambahoaka no natao ho mpikambana ao anatin'ny

“commissariat à l'éthique”. Tsapa fa vitsy ny Solombavambahoaka niara-nandinika taminay momba ity zavatra ity tamin'izany.

Raha ny asa natao mikasika azy kosa, efa tamin'ny herin-taona no nanolorana azy teto. Nokarohina izay fanatsarana azo natao, tao anatin'izay no nanaovana fanentanana ny Solombavambahoaka mba handinika azy indray. Amin'ny zavatra tahaka izao, tokony ho 6 volana aorian'ny nahalanian'ny Solombavambahoaka no hanaovana ny “code d'éthique” ary amin'izay koa no hametrahana ny “commissariat à l'éthique”. Izany hoe, nampandalovina fivoriambe ny fametrahana izany.

Raha ny hoe ahoana ny teny Malagasy; nisy tokoa izay fa ny antony tsy naharaisana azy no tsy fantatray.

Andriamatoa PEPIN Michou kosa nilaza fa aleo asiana fandinihana lalina alohan'ny handraisana fanapahan-kevitra momba ity “proposition de résolution” ity.

Ny an'Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène indray, fisaorana ny mpanolotra ny “code” no nataony kanefa mila fandinihana lalina mba tsy hilazana hoe tsy misy tokony hilana azy ny zavatra natao.

Nomarihany, fa ny vadiny koa no mpisolotoerana azy raha tonga ny fotoana mahamety izany. Tokony tsy hamato-tena ny Solombavambahoaka satria maro ny mpanenjika, ka aleo mitandrina satria ny zavatra tsy natao dia azon'ny sasany amoronana “dossier” momba antsika ka mety higadra mihitsy. Rehefa hainao ny mitondra ny tenanao, izay angamba dia efa azo lazaina hoe “éthique”. Isika ihany no hanamboatra izany, fa tsy tokony hisy lalàna hafa hifehy antsika. Ny fitakiana fitaovana hiasana toy ny fiara io aza, tokony hitandrina isika satria adikan'ny sasany ho zavatra hafa izany.

Andriamatoa RANDRIANASOLO Augustin raha nomena fitenenana dia nisaotra ny mpanolotra ny Tolo-pehin-kevitra.

Nomarihany fa ahitana lafiny ratsy sy lafiny tsara koa izy ity; ka aleo tadiaviny ny fomba hialana amin'ny fanagadrana antsika rehefa atao ny fampiharana azy.

Raha mety, aleo hatao tsangan-tànana ny hanohizana ny fandinihana azy na tsia.

Rehefa nandray fitenenana, Andriamatoa ANDRIANAMBININA Djohary Lee, raha ny andininy faha-44 no jerena, nambarany fa tsy migadra ny Solombavambahoaka raha toa manao zavatra tsy mety, fa fampitandremana isankarazany no atao aminy.

Mikasika ny famerenana ny fanomezana, raha voaporofy ny maha ara-dalàna ny zavatra nataon'ny Solombavambahoaka dia any amin'ny Sekretera Jeneralin'ny Antenimierampirenena izy no maka izany.

Momba ireo zavatra mapiahiahy ny namana, azo esorina izay tsy mety amintsika, fa ny mifanaraka amin'ny eritrerintsika no hatao ao anatin'ity “code” ity.

Rehefa izany, nanambara Ramatoa Filoha, fa ny mpikambana tany amin'ny asam-baomiera no mahalala ny zavatra tokony hatao, ka aleo hiroso amin'ny tsangan-tànana isika.

Nomarihany fa amin'ny fotoana manaraka amin'ity fivoriana ara-potoana faharoa ity ihany no hanaovana ny fandanianana saingy hivory ny Birao Maharitra amin'ny hampidirana azy ao amin'ny fandaharam-potoana amin'izay andro mahamety azy. Izany hoe, tsy hatao androany ny fandraisana fanapahan-kevitra momba ny Tolo-pehin-kevitra, fa miandry an'izay fotoana izay.

Rehefa natao ny tsangan-tàhana, Solombavambahoaka miisa 2 no nanaiky ny handraisana fanapahan-kevitra androany. Solombavambahoaka maro no nitsipaka izany; tsy nisy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa tsy androany no handraisana fanapahan-kevitra momba ny Tolo-pehin-kevitra laharana faha-002-2020/PR “portant Code d'éthique et de déontologie de l'Assemblée nationale” natolotry ny Solombavambahoaka ANDRIANAMBININA Djohary Lee, voafidy tao Vondrozo.

Taorian'izay, nitohy tamin'ny fandaharam-potoana manaraka ny mpivory, izay tatitra hataon'ny Vaomieran'ny Fanombanana ny Politikam-panjakana.

Rehefa izany, niangaviany ny Mpampakatenin'ny Vaomiera hamaky ny tatitry ny asam-baomiera.

Andriamatoa RAVELOSON Guillaume Narinandrasana no nanatanteraka izany, ka toy izao no fivakiny:

Nivory ny Talata 3 Novambra 2020 tamin'ny 3 ora sy 30 minitra, tolak'andro, ny mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Fanombanana ny Politikam-panjakana.

Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore, Filohan'ny Vaomieran'ny Fanombanana ny Politikam-panjakana no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomiera Fanombanana ny Politikam-panjakana tonga nanatrika ny fivoriana,

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

- 1- JOHASY RAHARISOA Eléonore
- 2- RAZAFINDRIATSARA Jonhson Anatol
- 3- RAVELOSON Guillaume Narindrasana
- 4- RABENIRINA Maminiana Solondraibe
- 5- TSARADIA Marco
- 6- RAZAIHARIMALALA Fiainantsoa
- 7- VOAHANGINIRINAZAFIMANDIMBY Marie Laurette

Ny Solombavambahoaka tsy mpikambana ao amin'ny Vaomiera tonga nanatrika ny fivoriana, Andriamatoa:

- RAKOTOMALALA Miarintsoa

Ireto ny teknisian'ny Antenimierampirenena

Ramatoa sy Andriamatoa isany:

1. RANDRIAMAHAFANJARY Calvin (Secrétaire Général de l'AN)
2. RANDRIAMAMPIONONTSOA Lanto (Conseiller de Service de l'AN)
3. RASOLOALINORO Antsa (Administrateur de Service de l'AN)
4. RANDRIANANTENAINA Leon (Conseiller Technique de la Présidente)

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Ramatoa Filoha dia nanazava fa misy antony manokana no nanaovana ity tatitra ity satria misy fanapahan-kevitra tiana hirosoana izay heverina fa tsy anjaran'ny vaomiera irery ihany no manapaka izany fa isika rehetra ato anatin'ny Antenimierampirenena no tompon'antoka amin'ny fanapahan-kevitra hijoroantsika.

Rehefa izay, nanambara tsotsotra mikasika ny «rapport d'activité» Ramatoa Filoha.

Nambarany tamin'izay fa mizara efatra ity "rapport d'activité" ity, izay ahitana:

1. Asa fanamafisana ny fahaiza-manao:

Nisy atrikasa sy fanofanana izay nandraisan'ny Mpiasan'ny Antenimierampirenena anjara notontosaina tany Fianarantsoa izay niarahana tamin'ny EISA entina hanamafy ny fahaiza-manao hahafahan'izy ireo manome tantsoroka ho an'ireo Solombavambahoaka.

Ny Vaomieran'ny Fanombanana ny Politikam-panjakana dia manana ankehitriny «cellule d'appui technique» manampy ny vaomiera izay ahitana an'Andriamatoa sy Ramatoa isany: RANDRIAMAHAFANJARY Calvin, RANDRIAMAMPIONONTSOA Lantonirina, RASOLOALINORO Antsa sy RANDRIANANTENAINA Leon ary efa nahazo fankatoavana teo anivon'ny Birao Maharitry ny Antenimierampirenena ny hametrahana izy ireo satria hita fa tena goavana ny asa izay atao.

2. Asa hifandraisana amin'ny «Réseau Francophone de l'Evaluation (RFE)» ny Oktobra 2019-Septambra 2020:

- Hetsika fanentanana natao hampahafantarana ny maha zava-dehibe ny Fanombanana ny Politikam-panjakana amin'ny Antenimierampirenena ary ny fampahafantarana azy ny andraikiny manoloana ny asan'ny Governemanta tamin'ny «Journée Malagasy pour l'Evaluation (JMEval)»
- Fandraisana anjaran'ny Antemierampirenena tamin'ny fihaonana sy fifanankalozan-kevitra tamin'ireo mpandray anjaran'ny « Réseau Francophone de l'Evaluation » natrehan'ny Sekretera Jeneraly ny Antenimierampirenena RANDRIAMAHAFANJARY Calvin tany «Ouagadougou-Burkina Faso»
- Fivoriana «interinstitutionnelles» momba ny fanombanana ny politikam-panjakana eto Madagasikara izay natao hanomanana ny fototra hiaingana amin'ny fanomanana ny PNEval na «Plan National de l'Evaluation»
- Famolavolana ny «Guide sur l'Evaluation des politiques publiques pour son institutionnalisation à Madagascar» izay niarahana tamin'ny «MASSE, Cours des Comptes,...» izay namohana ny «DRAFT 1 du guide » izay nahafahana namoaka ny «Guide final».

3. Asa famolavolana ny politikam-pirenena momba ny Fanombanana na PNEval ny Jona 2020-Oktobra 2020:
 - Fampidirana ny Antenimierampirenena amin'ny famolavolana sy fananganana ny PNEval;
 - Fanokafana ofisialy ny famolavolana ny PNEval sy fametrahana komity mpitantana sy komity ara-teknika;
 - Fankatoavana ireo tatitra mahakasika ny famolavolana ny PNEval;
 - Fihaonanan'ireo mpikambana eo anivon'ny komity ara-teknika izay namaritra ny mombamomba ny atrikasa nasionaly (date, participants, contributions/responsabilités, communication ...);
 - Atrikasa fakan-kevitra (atelier consultatif) andraisan'ireo mpisehatra rehetra anjara momba ny fanombanana ny politikam-panjakana entina handrafetana paik'ady;
 - Fampitahana firenena fito (07) atỳ Afrika mahakasika ny fanombanana ny politikam-panjakana mba ahafahana miainga eto Madagasikara;
 - Fihaonan'ireo mpikambana eo anivon'ny komity ara-teknika mikasika ny fanitsina ny DRAFT 1 ny PNEval.

4. Sehatr'asa hafa na «autres activités» Martsa 2020-Oktobra 2020:
 - Fihaonana tamin'ny Ministry ny toe-karena sy ny tet-bola;
 - Fihaonana tamin'ny PNUD momba ny fiaraha-miasa ao anatin'ny tetikasa GOUDMADA (consultant national, spécialiste...) famelomana sy fanamafisana ny fiaraha-miasa.

Momba ny fizarana fahatelo amin'ny tatitry ny asa vita no tena nanaovan'ny mpikambana fanamarihana fa tsy hita taratra amin'io «Draft» io ny andinin'ny faha-68 ao amin'ny Lalàmpanorenana izay milaza fa ny Parlemanta no manombana ny Politikam-panjakana.

Rehefa avy niroso tamin'ny adihevitra ny mpivory dia samy resy lahatra fa tena mila aseho tokoa fa anjara andraikity ny Antenimiera ny fanaovana tombana ny Politikam-panjakana fa tsy an'ny rafitra mpanatanteraka, satria lasa manombana ny tenany izy, ary tokony hohajaina ny voalazan'ny Lalàmpanorenana eo amin'ny andininy faha-68 sy ny "esprit de la loi" mametraka ny fitsinjaran'andraikitra araky ny fisaraham-pahefana.

Arak'izany, nankatoavin'ny Vaomiera ireto fehin-kevitra ireto ka aroso eto anivon'ny fivoriambe mba handraisana fanapahan-kevitra.

Ny Vaomieran'ny Fanombanana ny politikam-panjakana:

1. Mitaona ny mpikambana ao amin'ny Antenimierampirenena hanohana ny ezaka mba hampiharana marina ny Fanombanana ny Politikam-panjakana araka izay nambara sy voizina mandritra izao fe-potoam-panaovan-dalàna izao ary voarakitra ao amin'ny Draf-paikadin'ny Antenimierampirenena Malagasy (2020-2025)
2. Manoso-kevitra ny handaniana lalàna hifehy ny Fanombanana ny Politikam-panjakana ao anatin'ny fanajana ny zava-boatondron'ny Lalàmpanorenana.

3. Tokony hanana rafitra tandrify hitantana sy handrindra ary hanatanteraka ny Fanombanana ny Politikam-panjakana. Noho izany, ny fametrahana rafitra fanohanana ara-teknika ny Vaomieran'ny Fanombanana ny Politikam-panjakana dia laharam-pahamehana.
4. Manoso-kevitra ny hananganana Iraka Fampahalalam-baovao Vonjimaika miisa roa:
 - a) Iraka iray hanombanana ny fampiharana ny lalàna laharana faha-2019-008 mikasika ny ady amin'ny Herisetra atao amin'ny maha-lahy na maha-vavy.
 - b) Iraka iray hanombanana ny fampiharana ireo lalàna nolanian'ny Antenimierampirenena mandritra izao fe-potoam-panaovan-dalàna izao.

Nifarana tamin'ny 5 ora, hariva, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.

Taorian'ny famakiana ny tatitra, nisaotra ny Mpampakatenin'ny Vaomiera, Ramatoa Filoha sady nanome fitenenana an'izay manana fanamarihana na fanitsiana mikasika izany.

Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore no nandray fitenenana ka nitondra fanitsiana toy izao amin'ity tatitra ity: ao amin'ny teboka fahatelo tokony hampiana hoe: “tokony hanana rafitra tandrify hitantana, handrindra sy hanatanteraka ny Fanombanana ny Politikam-panjakana araka ny rafitra novolavolaina mandritra ny atrik'asa nankatoavana ny PGE”. Efa nozaraina tamintsika ny momba izay atrik'asa izay, ka ity sary entina amintsika ity no mamintina izany. Io rafitra hita amin'ny sary io no angatahana fankatoavana avy amintsika Antenimierampirenena satria isika no tompon'antoka voalohany amin'ny fanaovana ny Fanombanana ny Politikam-panjakana.

Namaly, Ramatoa Filoha, fa tatitra fampahafantarana ny asa vitan'ny Vaomiera no atao ary tokony samy hanao izany daholo ny Vaomiera misy ato amintsika. Raha ny marina tsy mandalo fankatoavana ny tatitra, fa fihainoana ny asa vita no ataon'ny Solombavambahoaka. Izany hoe, tsy anaovana fandaniana ny tatitry ny Vaomiera, fa mijanona ho antontan-kevitra ho fantatry ny rehetra.

Taorian'izay, Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore kosa nanambara, fa tatitra ny asa natao tokoa izao tanterahana izao ary mbola hitohy ny asa momba ny fanombanana ny politikam-panjakana. Marihana fa ny fankatoavana ity tovana ity no ahafahanay manao ny asanay satria avy amin'ny alalan'izany no ahafahana miatrika ny Mpanatanteraka.

Mangataka ny hitondra fanazavana satria tsy mahatapaka irery ny Vaomiera ary sarotra ny hiroso raha tsy ankatoavin'ny Solombavambahoaka ity tovana ity.

Andriamatoa RASOLONJATOVO Honoré, Filoha Lefitra avy amin'ny Faritanin'Antananarivo indray no nitarika ny fivoriana teto. Nitohy hatrany taorian'izay ny fanomezana fitenenana ny Solombavambahoaka.

Fanontaniana no napetraky ny Solombavambahoaka RAZANAMAHASOA Christine Harijaona tamin'ny Vaomiera hoe: misedra olana ve ny Vaomiera amin'ny fanatanterahany ny asany.

Raha ny andininy faha-68 ao amin'ny Lalàmpanorenana no jerena, ny Antenimiera roa tonta no manao ny fanombanana ny politikam-panjakana; ka inona no antony tokony hankatoavan'ny Solombavambahoaka ny tovana naroson'ny Vaomiera.

Marihana fa Vaomiera vaovao ity misy anareo ity ary araka ny sary nasehonareo, misy rantsana maromaro ao anatin'ny. Tsy maintsy manaiky an'io rantsana nasehonareo io ve ny rehetra ary inona no tokony hatao raha lany ny tovana. Averina indray, misedra olana ve ianareo amin'ny asanareo ary raha lany eto amin'ny fivoriambe io tovana ahitana io sary io, tsy maintsy manaiky an'izay ve ny rantsana rehetra nasehonareo ao.

Nitondra fanazavana, Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore, fa araka ny tatitra natao teo dia ao amin'ny teboka fahatelo no misy ny fananganana ny PNEval na ny "Politique Nationale d'Evaluation". Natao tamin'ny volana Jona lasa teo no nanaovana izany; tafiditra ao daholo ny hery rehetra misy eto amin'ny firenena. Rehefa manombana; ny zavatra tsapa, sarotiny ny fahefana Mpanatanteraka, ka izay no antony nanaovana atrik'asa fakan-kevitra. Hita ao amin'io teboka fahatelo io koa ny momba izany.

Avy tamin'izany atrik'asa izany no nahatsapan'ny "consultants" fa tafita ny zavatra natao tamin'ny fanombanana ka izay no angatahana fankatoavana avy amin'ny Antenimierampirenena. Andraikitra nomen'ny Lalàmpanorenana antsika izay, ka io no antony angatahana antsika hankatoa azy.

Rahampitso, mbola hivory hanohy ny asa izahay; koa mitaona ny Solombavambahoaka mba handany an'io sary amin'ny tovana io satria avy amin'izany no ahafahana manohy ny asa. Tsapa koa fa na mbola tsy mipetraka aza ny "politique nationale" dia nifanaiky izahay mpikambana ao amin'ny Vaomiera, fa hiasa avy hatrany satria mirongatra ny herisetra mianjady amin'ny olona ankehitriny. Aiza ny fampiharana azy, tsy hiandry an'izay izahay, fa hiasa noho ny fahatsapana io toe-javatra io.

Nanazava Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, fa tsara raha mitovy ny "niveau d'informations" ho an'ny PNEval ao anatin'ny Vaomieran'ny Fanombanana ny Politikam-panjakana amin'ny fandrefesana ny asan'ny fitondram-panjakana. Nomarihany, fa somary sarotra izany satria Fanjakana no horefesina ny asa ataony. Izany hoe, mianatra miroso amin'ny fampiharana ny "Etat républicain" isika amin'izao fotoana izao.

Maro ny rantsam-panjakana ao anatin'io Vaomiera io ary nisy nilaza fa ny fahefana Mpanatanteraka izay horefesina indray no lasa mpitarika ny Vaomiera. Izay no antony ilazana fa somary sarotra ny asa hatao.

Nametraka ny tovana ahitana an'io sary io ny Vaomiera, fanontaniana no apetraka hoe: efa lany tany amin'ny PNEval ve ny sary sa tsia. Raha ny tsapa, tatitra tahaka ny tatitra rehetra ihany izy ity, "recommandation" no azo atao ary rehefa lany izay dia entina any amin'ny PNEval indray.

Raha ny fijery azy, aleo misy zavatra anaovana "reformulation" alohan'ny handanian'ny Solombavambahoaka azy satria tsy maintsy misy fiantraikany amin'ny fampiharana ny "Etat démocratique républicain" izany.

Taorian'izay, nanambara ny mpitarika fivoriana fa hanangan-tànana amin'ny hanekena na tsia ny hanaovana "reformulation"-n'ny "recommandation" nataon'ny Vaomiera.

Mbola nisy Solombavambahoaka nanao satroka ka nomena fitenenana.

Nanazava, Andriamatoa RAVELOSON Guillaume Narinandrasana, fa ny rafitra no nametraka ny Antenimierampirenena hahaleotena kanefa mbola napetraka eo akilany ihany ny komity mpanara-maso ny tombana. Ny PGE natolotra teto amintsika, iny no anaovana tombana na "évaluation", ka tokony ho tonga aty amin'ny Solombavambahoaka ny vokany.

Mazava hoy, Ramatoa RASOAZANANERA Marie Monique Ernestine, fa ny Antenimierampirenena no tokony hitarika ny «évaluation» hatao eto amin'ny firenena. Eo anatrehan'izany, aleo hazavaina ny sary mba hahafantaranay bebe kokoa ny zava-misy.

Tamin'ny fandraisam-pitenenana nataon-dRamatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore no nanazavany fa halefa any amin'ny "cellule d'appui" ny fanaovana ny "reformulation" voalaza teo. Nomarihany fa sarotra ho an'ny Vaomiera ny hiasa raha tsy ankatoavina ny "recommandation" natolony. Nohamafisiny fa ny Antenimierampirenena no manao ny "évaluation", fa tsy ny fahefana Mpanatanteraka. Tsy hoe fanoherana ny mpitondra ny fanaovana "évaluation" na tombana, fa fitsinjarana andraikitra. Izany hoe, hanitsy amin'ny tsaratsara kokoa mikasika ny asa ataon'izy ireo.

Raha fintinina ny sary, hoy ny tenany, fametrahana ny hasin'ny Antenimierampirenena amin'ny toerany sy fandrindrana ny fizaram-pahefana na "séparation des pouvoirs".

Namaly Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, fa mipetraka ny ahiahy fa tsy hahavita ny asany ny Vaomiera raha mbola miainga avy any amin'ny Mpanatanteraka ny "plate forme" hanao ny "évaluation". Nomarihany, fa ny fandrefesana ny PGE no ifantohan'ny asa atao ary ny fanatanterahana izany dia miankina amin'ny "équilibre des pouvoirs" na misy aza ny "séparation des pouvoirs". Izany hoe, aleo anaovana "reformulation" aloha mba hialana amin'ny fifandonana hisy eo amin'ny Antenimierampirenena sy ny fahefana Mpanatanteraka. Rehefa voasoroka izay, azo lazaina fa ho tonga amin'ny "équilibre et separation des pouvoirs" isika.

Taorian'ny fandraisam-pitenenan'ny Solombavambahoaka, nanambara ny mpitarika fivoriana, fa handraisana fanapahan-kevitra ny hanaovana «reformulation de recommandation» araka ny voalaza teo.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 39 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa mpitarika fivoriana, fa ekena ny hanaovana ny «reformulation de recommandation».

Taorian'izay, Ramatoa Filoha indray no nitarika ny fivoriana.

Fisaorana ny Filohan'ny Vaomieran'ny Fanombanana ny Politikam-panjakana nitondra fanazava, tahaka izay koa fisaorana ny Mpampakateny tamin'ny tatitra nataony.

Nanamarika koa ny tenany, fa mivory ny Vehivavy Parlemantera amin'izao ora izao.

Mbola nangataka fitenenana momba ny iraka (mission) tokony hatao, Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore taorian'izay.

Namaly Ramatoa Filoha, fa tsy tokony hiverenana intsony ny resaka "reformulation" teo ary tsy maintsy mifanatona ny mpikambana ao amin'ny Vaomiera amin'ny fanaovana izany.

Raha ny lalàna mikasika ny «Violences Basées sur le Genre» no tian'ny Filohan'ny Vaomiera hambara, raha tsy ankatoavina ny tatitra, tsy mety izany kanefa ny lalàna rahateo efa mihatra. Inona no antony tokony hangatahana ny fankatoavan'ny fivoriambe ny fanatanterahana ny lalàna mikasika ny «Violences Basées sur le Genre». Misy zavatra tsy mazava loatra raha izay no fandehany.

Rehefa izany, nanome fitenenana ny Solombavambahoaka Ramatoa Filoha.

Tsapa fa mitombo ny zava-miseho eto amin'ny firenena ankehitriny; koa amin'ny maha Raiamandreny sy mpanao lalàna antsika, ilaina ve ny fanapahantsika ny hanirahana olona hanara-maso ny fampiharana an'io lalàna io. Raha ny marina, efa mpanara-maso isika, avy eo mbola hanao tsangan-tànana indray amin'ny fampiharana azy. Marina ny voalazand-Ramatoa Filoha teo, ianareo mpikambana ao amin'ny Vaomiera no tokony hifanatona ary aorian'izay manao tatitra eto amin'ny Antenimierampirenena.

Namaly Ramatoa JOHASY RAHARISOA Eléonore, fa tsy izy no nangataka ny fankatoavana, fa ny mpikambana ao amin'ny Vaomiera. Marina fa efa lany iny lalàna iny, fa ny fananganana ny "mission" no tokony hatao, ka izay no holaniana eto amin'ny fivoriambe. Izany hoe, tsy fanankianana no ataonay fa fanombanana. Tokony hametraka "observations" ny Solombavambahoaka satria tsy nisy sazy nampiharina tamin'ireo mpanao ratsy. Fanarahana ny fepetra eto amin'ny Antenimierampirenena no antony angatahana izay fankatoavana izay eto amintsika raha azo atao.

Rehefa nandray fitenenana, Andriamatoa DINAH Romual, nanambara fa raha nampiharina ny lalàna, tsy tahaka izao ny toerana nisy antsika. Misy lesoka ny fampiharana ny lalàna eto amintsika kanefa ny Lalàmpanorenana efa manome alalana ny Antenimierampirenena hanao fanaraha-maso ny fahefana Mpanatanteraka. Tsapa koa, rehefa misy ny "Questions-Réponses", mangataka amin'ny Governemanta no ataontsika satria tezitra ny vahoaka raha tsy manao izany. Tsy izay anefa no tokony ho izy, fa fanaraha-maso sady zavatra mikasika an'i Madagasikara no resahana fa tsy momba anao irery. Izany hoe, efa misy ny tomponandraikitra isan-tsokajiny misahana ny asa; raisina ohatra amin'izany Minisitra mpikambana ao amin'ny Governemanta, ny DREN, ny DRPN, ny "Chef CISCO" sns... Noho izany, tsy fangatahana no atao fa fanaraha-maso araka ny voalaza teo aloha. Mety ho izay no nahatonga ny Filohan'ny Vaomiera nanontany ny fampiharana ny lalàna eto amintsika.

Raha ny hevitrany manokana, aleo hodinihana amin'ny manaraka ity zavatra ity raha azo atao.

Nitondra fanazavana Ramatoa Filoha taorian'izay, fa efa lany iny lalàna iny ary mihatra rahateo; sady efa manana ny Vaomiera koa isika, ka tsy misy antony hanakana anareo tsy hanao ny asanareo. Maro ny azo atao amin'ny fanaovana "évaluation" saingy mety hisy zavatra sarotsarotra amin'ny fanatanterahana azy. Raha mandinika isika, efa misy ny tombana, ohatra ny fanatanterahana ny PGE ataon'ny fanjakana. Afaka miteny aminy isika raha nisy zavatra nolazainy tao anatin'io kanefa tsy nataony. Azontsika jerena ny PGE rehefa atolotra eto amintsika, fa tsy ekena avy hatrany. Nahoana ankehitriny ny Vaomiera no mangataka hoe: inona no hataony amin'ny fanaovana "évaluation".

Hatao ny "reformulation" ka tsara raha manatona ny Birao Maharitra ny Vaomiera amin'ny fanatanterahana izany. Izany hoe, tsy hanangan-tànana momba izay ny Solombavambahoaka androany.

Efa voalazan-dRamatoa Filoha teo ny zavatra rehetra; miroborobo ny zava-miseho eto Madagasikara, ka sao mba "enquête parlementaire" no tokony hataon'ny Filohan'ny Vaomiera fa tsy fangatahana fankatoavana, hoy Andriamatoa RAFIDIMANANA Narson raha namarana ny fitenenana.

Fisaorana ny rehetra no nataon-dRamatoa Filoha tamin'ny adihevitra niseho teto satria samy afaka naneho ny heviny ny Solombavambahoaka.

Talohan'ny hiatohan'ny fivoriana, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka ny tenany, ka anio tolak'andro, amin'ny 3 ora, hisy ny fivoriambe handinihana sy handraisana fanapahan-kevitra mikasika ny Tolo-dalàna laharana faha-003-2020/PL° "instituant l'Ordre des Géomètres experts à Madagascar" sy ny Tolo-dalàna laharana faha-004-2020/PL° "portant sur la reconstitution des informations foncières manquantes ou disparues" izay samy natolotr'Andriamatoa RAHOLDINA Naivo Herinantsoina avokoa.

Nomarihany, fa amin'izao ora izao no mivory ny "femmes parlementaires" ary eto amin'ny CCI-Ivato no anaovana izany.

Niato tamin'ny 1 ora sy 45 minitra, tolak'andro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.

NY FILOHA

RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

